# “Rehefa miditra ny tranony ny olona iray ka manonona ny anaran’Allah eo am-pidirana sy eo am-pihinanana, dia holazain’i Satana hoe : Tsy manana toerana hatoriana ianareo na hisakafoanana ny alina

Tatitra azo avy amin'i Jabir Bin Abdillah (R.A), fa izy nandre an'i Mpaminany (S.A.W) niteny hoe : “Rehefa miditra ny tranony ny olona iray ka manonona ny anaran’Allah eo am-pidirana sy eo am-pihinanana, dia holazain’i Satana hoe : Tsy manana toerana hatoriana ianareo na hisakafoanana ny alina. Fa raha niditra ny trano ka tsy nanonona ny anaran'Allah, dia hoy i Satana : “Afaka matory ato ianaeo mandritry ny alina, ary raha tsy nanonona ny anaran’Allah teo am-pisakafoana izy, dia hoy satana : “Afaka matory ato ianareo ary afaka misakafo hariva”.
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nandidy amin'ny fanononana ny anaran'Allah ny Mpaminany (S.A.W), rehefa miditra ao an-trano sy alohan'ny hisakafo, ary raha manonona an'Allah izy amin'ny filazana hoe : (Bismillahi) rehefa miditra ao an-tranony sy manomboka ny sakafony, dia hoy i Satana amin’ireo mpanampy azy : Tsy manana anjara hatory na hisakafo ato amin’ity trano ity ianareo, trano izay niaro tena taminareo ny tompony tamin’ny fahatsiarovana an'Allah. Fa raha ny olona iray kosa no niditra ny tranony ka tsy nanonona ny anaran’Allah teo am-pidirana na teo am-pisakafoanana, dia lazain’i Satana amin’ireo mpanampy azy fa nahatratra sakafo sy afaka matory amin'izany trano izany izy ireo.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3037